# Mofonaina 19 Aogositra 2024 – Jeremia 12.1-6

**Jeremia 12:1-6**

Hay, mpahazo antsika mpino ny toy izao miseho amin'ny Jeremia izao. Tsaroana koa ny Salamo faha-73, ilay tonon-kira nataon'i Asafa, manontany an'Andriamanitra hoe: "Nahoana no ambinina ny ratsy fanahy?"

Amin'ny adim-panahy tahaka izao no iantsoana ny mpino hanamasin-tena ka isehoany ho miavaka eo anatrehan'ny hafa.

1. **Manetre tena (and. 1)** Ankatoavy fa lehibe noho ny fahalalantsika ny fahendren'Andriamanitra amin'ny fitondrana antsika. MATOKIA.
2. **Mijoroa hatrany (and. 1-2)** Ny tena fahamasinana dia ny fijoroana ao anatin'ny fotoan-tsarotra. Raha hitanao fa mahavokatra ny hafa, MIJOROA mba hamoa.
3. **Mihazakazaha mafy kokoa (and. 5)** Mandehana soavaly fa aza mandeha an-tongotra intsony. Ampitomboy ny fanompoana ary miomana amin'ny ady ara-panahy sarotra kokoa. MAHEFÀ be.
4. **Mahareta hatrany (and. 6)** Aza atao hampihemotra ny fandaozan'izay noheverinao ho namana. Aza miherika amin'ny feon'izay miantso anao hijanona. Mifikira amin'Ilay Andriamanitra tsy mba mivadika. AZA MIHEMOTRA.

## FEHINY
## Manamasina ny tenany ny Mpino:

- MATOKIA
- MIJOROA
- MAHEFÀ BE

- AZA MIHEMOTRA.

Ho an’Andriamanitra irery ny voninahitra. Amena.
**Manonona ny Fahasoavan’ny Tompo. (MFT)**